Le Mans faha- 9 aprily alahadin'ny Sampankazo

Ho an'ny namana sy ny tapaka rehetra ao amin'ny Fianakaviana ara-panahy

Androany dia manakoako ao amin'ny Fiangonantsika ny HOZANA, ary nentintsika ao an-tranontsika ny sampankazo voahasina mba hapetraka eo akaikin'ny Lakroan'i Jesoa, ilazana fa avy Amin'ny alalany no ahazoantsika ny fanantenana sy ny fiainana. Enga anie ity 'sampankazo maitso voahasina' izay notsofina rano mandritra ny fankalazana ny litorjia amin'ity alahady ity ka mampiditra antsika amin'ny herinandro Masina ity anie no ho famantarana mitondra fanantenana ho an'ny ho avy vaovao.

Ao anatin'ny herinandro masina isika rehefa mamaky ity taratasy ity ianareo, ny litorjia dia mampiditra antsika ao amin'ireo andro farany niainan'i Kristy teto an-tany. Ny fiakarana mankany amin'ny Paka dia mandalo amin'ny Zoma Masina ! Tsapanareo ve fa ny Fiangonana dia tsy mankalaza ny Zoma Masina tahaka ny andro fisaonana, fa andron'ny Fanantenana ? I Kristy dia miaina sahady ny fandreseny ny fahafatesana eo ambonin'ny hazofijaliana. Io hazofijaliana, famantarana ny fijaliana sy ny fahafatesana io dia tonga famantarana ny fanantenana sy ny hafaliana : *« Fa ny hazofijaliana tokoa no mahatonga ny hafaliana eo amin'izao tontolo izao»* hoy ny sasinkira ao amin'ny litorjian'ny Zoma Masina.

Hoy i Anselm Grün amintsika hoe : « Ny Hazofijaliana dia mampiseho ny misterin'ny fiainantsika ». I Jesoa eo ambony hazofijaliana, mamelatra ireo sandriny roa, mampiditra ihany koa izao rehetra izao. Mampiombona ny lanitra sy ny tany Izy, Andriamanitra sy ny olombelona, ny fiainana sy ny fahafatesana, ny hazavana sy ny haizina. Eo am-pibanjinana ny hazofijalian'i Jesoa dia hitantsika izay rehetra manjo antsika ao amin'ny ny fiainantsika. Fa ny fijerintsika dia tsy fijery feno tebiteby sy alahelo fa fijery feno toky, ka izay rehetra manjo antsika ao amin' ny fiainantsika dia tsy hanapotika antsika fa manokatra ny fontsika ao amin'ny misterin'ny fitiavan'i Jesoa izay tanteraka teo amin'ny Hazofijaliana.

Ny litorjian'ny Zoma Masina dia efa voamboban'ny hazavan'ny Paka. Resy ny fahafatesana ary ny hazofijaliana dia tonga famantarana fa ny fijaliantsika rehetra dia efa voaray ao amin'io fitiavana io. Ny fahatsapana ny fitiavana, ny fo feno fankasitrahana sy fanantenana no hany mitoetra ao am-pontsika mandritra ireo andro masina, satria fantatsika fa : **Velona i Kristy ! Miaraka amintsika Izy !**

Miaraka Aminy dia atolotsika ihany koa ireo fijaliana sy fahafatesana manjo antsika isan'andro, sy ny an'ireo rahalahintsika sy rahavavintsika izay mijaly eran'izao tontolo izao. Satria *« I Kristy tafatsangan-ko velona dia manambara ny fiainana ho an'ny olombelona rehetra, mandritra ny taon-jato mifandimby, ary miantso antsika mba tsy hanadino ireo lehilahy sy vehivavy, izay voatery miala ny taniny, izay hita eny an-dalana eny, mba hitady ny ho avy tsaratsara kokoa, ny filaharan'ireo mpifindra monina sy ireo mpitady fialokalofana, izay mihamaro hatrany hatrany-*

anisan'izany ireo ankizy marobe - mandositra ny ady, ny fahantrana sy ny tsy fahamarinana ara-tsosialy » hoy ny tenin' i Papa François amintsika.

Entontsika am-bavaka ireo rehetra, ao amin'ny fiarahamonina, very fanantenana sy very tsiron'ny fiainana, ireo olona antitra voaporitra, ao anatin'ny fanireriana izay mahatsapa ny fihenan' heriny, ireo tanora izay mihevitra fa tsy misy intsony ny ho aviny, ary lazao azy ireo ny tenin'Ilay Nitsangan-ko velona hoe : *«Indro havaoziko ny zavatra rehetra. Hampisotroiko maimaim-poana amin'ny loharanon'aina izay rehetra mangetaheta.* AP 21, 5-6

Ny hafatr'i Jesoa mampatoky anie hanampy ny tsirairay hanohy indray ny dia ao anatin'ny herim-po misimisy bebe kokoa mba hanorina ireo lalan'ny famindram-po miaraka amin'Andriamanitra sy amin'ireo rahalahy sy rahavavy rehetra.

Jereo amin'ny masom-pinoana ny hazofijaliana. Miaraka amin'ny masontsika feno finoana dia tsy ho hitantsika intsony ny fijaliana, fa ny fitiavan'i Jesoa antsika no ho hitantsika, fitiavana izay mahery kokoa noho ny fahafatesana. Tsy misy intsony fahafatesana tsy arahina fitsanganan-ko velona ! Tsy misy intsony ny tsy fahombiazana izay tsy hiafara amin'ny fanombohana vaovao !

Jereo ny hazofijaliana, ho tahaka ny toeran'ny Fitiavana lehibe ho an'ny olona tsirairay, ho an'ny rahalahinareo sy rahavavinareo, ho an'ny fianakavianareo, ary ho anareo!

Rehefa mitsangatsangana eny amin'ny natiora isika ka mahita fa feno aina sy hatsarana ny zavamaniry rehetra, dia mazava amintsika bebe kokoa ny hevitry ny Paka. Ao amin'ny zavaboaary no ahitantsika ny fandresen'ny fiainana amin'ny fahafatesana !

Mirary fetin'ny Paka masina feno fanantenana ho anareo tsirairay avy aho, satria mandresy ny fahafatesana ny fiainana !

Masera Martine Meuwissen
Lehiben'ny Fikambanana